ASSEMBLEE GENERALE DU 16-17 DECEMBRE 2017

Service de Préparation à la Vie
Sampana miAHY ny Aina
SPV/SAHYA Madagasikara
Asabotsy 16 sy Alahady 17 desambra 2017
Ordre du jour

Andro voalohany :

1- Fanehoana ny fandaharam-potoana
2- Fanehoana ny tatitra tamin'ny fiaonana farany
3- Tatitra nandritry ny taona 2016-2017 ataon'ny tompon'andraikitra nasionaly sy ny filohamboninahitra
4- Fandinihana ny mahakasika ny famelabelarana ataon'ny tompon'andraikitra jeneraly nandritry ny « session du mois d'août 2017 » amin'ny fomba fijeriny ny loahevitra hiainana mandritry ny taom-pikatrohana 2017-2018. Le khaoua, volume 51 n°1 octobre 2017 pages4-8
5- Ireo asa atrehina mandritry ny taona 2017-2018
6- Ireo asa hanovozan-kery 2017-2018, izay entina handinihana ny aim-panahy maha SPV sy ny maha olona manontolo mba ahafahana manovo hery hampijoroana ny mpikambana tsirairay.
7- Mahakasika ny ara-bola
   7-1- Rapport financier 2016-2017
   7-2- Prévisions budgétaires 2017-2018
   7-3- Fampandehanana ny fikarakarana ny tany any Morondava (fambolena)
8- Fanehoana ireo ekipa vaovao (Sahala, Renala, Mahery)

Andro faharoa :

9- Fifidianana ny birao mpanatanteraka
10- Fandinihana ny fankatoavana eo anivon'ny Diosezy
11- Fanehoana ny mahakasika ireo fananan'ny SPV (patrimoine) « inventaire »
12- Lamesa
13- Fanendrena na fifidianana ny olona hiatrika fiofanana any amin'ny foibe Canada.
14- Andro hanatanterahana ny fihaonam-be manaraka
15- Samihafa
16- Fandravonana ny fivoriam-be.

Service de Préparation à la Vie
Sampana miAHY ny Aina
SPV/SAHYA Madagasikara
16-17 décembre 2017
Membres de l'Assemblée générale 2017-2018

Président d'honneur ANDRIAMBAHOAKA Omar Génao Patrick
Responsable national RABENANTOANDRO Landimanana

SPV Loharano :

SPV Vahatra : RAKOTONIRINA Nampoina Lovasoa
ANDRIANARISAINA RANDRIAMORIA Larrisa Ny Aina Oséa
RAKOTOMALALA Mihary Faneva Sergio
RAPENOHERY Faniry Johanna

SPV Tsiry : RAMANANTSOA Hariliva
Fanaperana
Hortence
RALAINORO Georges Eric
RAMAROSON Tahiana Samuel

SPV Felana : -
-
-

SPV Meva : ANDRIANTIANA Gérard Eugene

SPV Tsiriry : RANDRIANASOLO Jean Fabrice
RANDRIANASOLO Jean Nicolas
ANDRIAFANOMEZANTSOA Marie Aurélie

SPV Vondrona : Sr RASOAELISOA Ernestine
RASOAMALALA Emelyne
RAKOTOARISON Tahiry Mampionona
HAINGONIRINA Eva
RASOANANDRASANA Narindra

SPV Tafita : RATSIMISANDA Fenomanantsoa Théodorat

SPV Renala : RAKOTONIAINA Tovondriaka Annaël
RAKOTONIRINA Ignace

SPV Mahery : RANDRIAMAHOLISOA Ernest
RAZAFIMAHATRADRAIBE Lala
RAFARAVOLOLONIAINA Perline
RASOANIRINA Diamondra Todisoa
RASOAMANAMBOLA Martine

Invité (Nouvelle équipe Fanohitra) : RAINISOANDRINA Paul Jean-Jacques

TATITRY NY FIVORIANA FANOMANANA NY LASY SY NY FITSIDIHAN'I FR JEAN-MARC S.J

ASABOTSY 04 Martsa 2017

Fanombohana : 09h 50mn

Notanterahina teto Ambohitrimanjaka Antananarivo ny fivoriana izay notarihan'ny tompon'andraikitra nasionaly miaraka amin'ireo solontena avy isaky ny zanan-tsampana manerana an'i Madagasikara. Ireto avy izy ireo :

- SPV Vahatra : Landy (responsable national), Nampoina (PTR), Njaka
- SPV Tsiry : Tsiry (PTR), Tahiana (PDT Tsiry)
- SPV Felana/Meva : Rivo
- SPV Tsiriry : Aurélie (PTR), Ginette
- SPV Vondrona : Mme Emelyne (PTR), Eva, Narindra
- SPV Tafita : Fabien (PDT Tafita), Seheno, Kanto, Théodorat
- SPV Renala : Odon (Vice PDT Renala)
- SPV Sahala : Natacha

Araka izao hita izao dia nisy solotena teo amin'ny 17 isa teo ireo olona namaly ny antso. Fisaorana mitafotafo no atolotra azy ireo noho ny fahavononana sy fandavan-tena asehony sahady.

Tahaka izao ary ny fandaharam-potoana tamin'izany :

Raha ny fandaminana dia tokony natomboka tamin'ny 9h maraina ny fivoriana nefa noho ilay indrokelin'ny mpandrafitra moa dia lasa 9h 50mn izany.

Natomboka tamin'ny vavaka ary ny fotoana, narahina ny famakiana ny tenin'Andriamanitra izay voasoratra ao amin'ny ASA 2 ; 42-47.

Rehefa vita izay dia nandray anjara fitenenana voalohany ny tompon'andraikitra nasionaly. Novelabelarina tamin'izany ireo tatitra maro samihafa. Nasongadina tamin'izany ireo zavatra vita nandritry ny taona 2016 miampy ny lasy sy ny fitsidihana nataony niaraka tamin'ireo delegasiona niaraka taminy. Araka izany, nisy ny fitsidihana ireo zana-tsampana rehetra amperin'asa ny volana Octobra sy Novambra lasa teo, eny fa na ny vaovao sy ny eo andalam-pizahantoetra (Aspirant SPV) aza izany. Natao izany fitsidihana izany mba ho fanamafisana ny fiainan'ny fikambanana, fankaherezana ireo ekipa ; hilazana aminy fa tsy miasa irery izy ireo. Fanentanana ihany koa ireo tompon'andraikitra sy tanora amin'ny tokony hananana fahavitrihana sy fahazotoana, indrindra indrindra moa teo amin'ny lafin'ny fanatanterahana ny fomba fanaovana ny fangatahana fankatoavana na ny « demande de reconnaissance » izany.

Ankoatra izay, nisy ihany koa ny fanamafisana tamin'izy ireo ny tena atao hoe SPV marina sy ny fandikana amin'ny teny malagasy ireo fandaharana sy tari-dalana SPV.

Farany, ny fanomezana sy fifampizàrana ireo toro-lalana amin'ny hetsika fitadiavam-bola entina hampiroboroboana ny asan'ny fikambanana sy ho fanomanana ny lasin'ny ho avy 2017.

Manaraka izany, nomena ny anjara fitenenana avy indray àry ireo zana-tsampana tsirairay mba hilazany izay vaovao avy any aminy avy, ka nanomboka izany ny ekipa Vahatra avy eto Ambohitrimanjaka :

Raha ny voalaza àry dia nanomboka nanangona sy nanatanteraka fihaonana tamin'ireo tanora tao an-toerana izy ireo, mba hiditra ho anisan'ny fiananka-viamben'ny SPV. Azo lazaina fa vitsy no vonona sy liana tamin'izany. Tsy kivy anefa izy ireo amin'izany fa mbola manantena hatrany.

Ho an'ny ekipa Tsiry avy eny Bevalala kosa indray dia efa voarakitra an-tsoratra avokoa ireo vinavinankasa hotanterahiny ka ny ambangovangony amin'izany ihany no holazaina eto, satria efa natolony ny tompon'andraikitra nasionaly izany, toy ny hoe :

- Fanatanterahana fiatahana Masina
- Fanaovana asa soa (fanampiana ireo zaza sahirana amin'ny fidirana an-tsekoly)
- Fiompiana kisoa Ambatomirahavavy
- Fananganana trano fandraisana

Ireo asa ireo moa dia efa voalahatra araka ny datin'andro hanaovana azy.

Ho an'ny ekipa vondrona ihany koa dia mitohy hatrany ny fihaonan'izy ireo isambolana eo koa ny famolavolana sy ny fanabeazana ireo tanora amin'ny fanaovana ireo asa tanana toy ny « bonbonnières, carteries » sady vatsy hoentina mameno ny kitapombolan'izy ireo moa izany.

Tao aorian'ny lasy moa dia nisy ny fikarakarana ilay Diha Masina tany Moramanga, ny 07 Janoary 2017 ka nanasany ireo zana-tsampana mpoifanolo-bodirindrina taminy. Hisaorana azy ireo tokoa moa izany fanokafana sahady ny varavarana izany na ho an'ny hafa na ho an'ny manodidina.

Manaraka azy ireo dia ny ekipa Tafita avy any Vontovorona, izy ireo moa dia vao haingana ihany no nijoroany. Mpianatra eny amin'ny anjery manontolo avokoa izy ireo. Saika ho isan'andro ny fihaonan'izy ireo saingy rehefa misy zava-dehibe hodinihana vao mivory, eo ihany koa ny hoe samy mipetraka eny amin'ny « cité » avokoa.

Araka ny resaka moa dia mbola tsy mitombo nefa tsy mihena ihany koa ny isan'izy ireo.

Ankoatra izay, nitondra ny anjarany ihany koa ny ekipa Renala avy any Morondava, anisan'ny ekipa vaovao eto anivon'ny sampan aizy ireo. Na izany aza anefa efa mandray andraikitra goavana eo anivon'ny Nasionaly izy ireo, ho fampandehanana ny asan'ny fikambanana. Tao anatin'izany ny fanadiovana tsikelikely ilay tany 10ha any Morondava, natolotry ny Evekan'ny Morondava ho an'ny SPV SAHYA Madagasikara. Nanatanteraka fambolenkazo niaraka tamin'ny mpianatry ny St Paul teny Antandrokosy ihany ko aizy ireo ary manana tanjona hamolaka tany 3ha avy amin'izany hambolena ireo hazo fihinam-boa, legioma, savoa (jatropha) sns.

Hamaranana azy ny ekipa Sahala avy any Moramanga. Vaovao ihany ko aizy ireto ary mbola manavao tsikelikely ka ny eo amin'ny lafiny ara-panahy ihany aloa no tena hifotorany hatreto, miezaka miaina ny hevitra fonosin'ireo rantsana dimy.

Hivadika eo amin'ireo vaovao nisongadina taorian'ny lasy indray àry isika.
Nisy tokoa ny vaovao mampalahelo tao amin'ny ekipa Vondrona satria namoy ny reniny i Angelot sy i Olivia. Tao amin'ny vahatra kosa dia niditra hopitaly ny renin'i Solohery PDT Vahatra.
Ny vaovao mahafinaritra kosa dia nitombo isa ny ankizin'ny ekipa Tsiriry satria nisy tera-bao roa tao amin'izy ireo.
Nandritry ny fotoam-pivoriana ihany koa dia nisy ny fizarana ireo karatra fankatoavana. Nampiana sy notrindriana fanazavana ny fanaovana ilay fangatahana fankatoavana na « demande de reconnaissance ». Navohitra tamin'izany ny hoe : ny fiombonana no tanjona sady santatry ny fihaonana amin'ny fanombohana ny taom-pikatrohana sy ny fiainana ny lohahevitra vaovao izany.
Nitsiry tao ihany koa ireo hevitra entina hanatsarana ny fitarihana sy fitondrana ireo mpikambana mba havitrika sy ho vonona hatrany, toy ny hoe fanaovana lalao iraisana isaky ny fihaonana mba tsy hankaleo ny olona ny fanatrehana fivoriana, eo koa ny fihainoana sy fanatanterahana ny hevitry ny hafa, ao koa ny fiarahana mitakosona amin'ny ankizy na amin'ny endriny manao ahoana io na manao ahoana. Indrindra moa fa ny fananana faharetana amin'ny fanabeazana azy ireo.

Hiditra amin'ny fanomanana ny lasin'ny ho avy 2016-2017 sy ny fitsidihan'i Fr Jean-Marc SJ indray ary izao.
Araka ny vaovao nampitaina dia ho tonga eto Madagasikara izy ny 29 Jolay 2017 amin'ny « 22h 45mn »
Ary miverina any Canada ny 14 Aogositra 2017 amin'ny « 1h 45mn ». Tafiditra ao anatin'izay ihany koa moa ny andro fankalazana ny faha-25 taona naha relijiozy an'i Fr Génao, filoham-boninahitra no sady mpanorina ny SPV/SAHYA Madagasikara, ny 06 Aogositra 2017 any Ambatolampy Antsirabe.
Rehefa natao àry ny dinika sy ny fanehoan-kevitra maro samihafa dia toy izao no tapaka amin'ny datin' ny lasin'ny ho avy sy ny andro hanatanterahan'i Fr Jean Marc ny fitsidihana ireo zana-tsampana :
<u>Lasy 2016-2017</u> :
Fiaingana, 30 Jolay 2017 tolakandro (lavalina)
Fodiana, 05 Aogositra 2017 maraina ary matory ao Andranomanelatra ka manatrika ny lamesa fankalazana ny faha 25 taona naha relijiozy an'i Fr Génao ny 06 Aogositra ka mizara roa amin'izay ny lalana mody ny harivan'io. Misy ny mitohy mianavaratra ary misy ny mitodidoha mianatsimo.
<u>Fitsidihana</u> :
<u>Novinavinaina ho vita tapak'andro avy ny fitsidihana isaky ny zana-tsampana</u>
<u>08 Aogositra</u> : Felana (Antsirabe), Meva (Andranomanelatra)
<u>09 Aogositra</u> : Ambohimandroso, Tsiriry (Antsiriribe)
<u>10 Aogositra</u> : Tafita (Vontovorona), Vahatra (Ambohitrimanjaka)
<u>11 Aogositra</u> : Tsiry (Bevalala), Vondrona (Ambohimirary)
<u>12 Aogositra</u> : Sahala (Moramanga)

NB : Ny ekipa Renala moa dia mandritry ny fotoana hanaovana ny lasy ny fitsidihana azy ireo eny an-toerana.

Rehefa vita àry izay dia niroso tamin'ny fananganana ireo kaomity mpanatanteraka. Ireto avy ireo nofidiana tamin'izany. Mme Emelyne, Natacha, Aurélie, Nampoina, Ginette, Eva, Narindra, Odon, Seheno, Fabien.

1er responsable : Natacha (SPV Sahala)

2ème responsable : Mme Emelyne (SPV Vondrona)

3e responsable : Nampoina (SPV Vahatra)

Ireo mpiara-miasa : Aurélie (SPV Tsiriry), Odon (SPV Renala), Fabien sy Seheno (SPV Tafita)

Natsidika tao ihany koa ny mahakasika ilay « solidarité SPV », ka tapaka fa mandritra ny lasy no hamelabelarana sy handraisana ny fanapahan-kevitra amin'ny fampiasana sy ny fitsinjarana azy. Voalaza tao ihany koa moa ilay resaka fijerena tany eto Antananarivo mba ahafahana manangana birao sy trano fivantanana.

Nentina namaranana ny fivoriana àry dia nisy ny fitsinjarana teo anivon'ny zana-tsampana amin'ny hetsika fandraisana an'i Fr Jean-Marc SJ. Araka ny hevitra tapaka dia hetsika maneho ny maha Malagasy no homanina amin'izany, amin'ny alalan'ny hira, dihy, hatsikana, sns.

SPV Tsiry dihy merina, SPV Vondrona dihy antandroy, SPV Renala dihy sakalava menabe.

Ny ekipa hafa moa mbola tsy nanapaka ny zavatra hataony fa vao samy hidinika.

Farany, hanamafisana hatrany ilay fiombonana sy firaisankina dia hisy ny famangiana ny renin'i Sr Ernestine any Ankadinondry ny 29 Martsa 2017 amin'ny valo ora maraina ka eo amin'ny tsenan'ny Sabotsinamehana no fotoana. Samy manao izay ahatongavany eny ny rehetra izay afaka.

Ny fivoriana voalohan'ireo kaomity moa dia hotanterahina ny Alarobia 08 Martsa 2017 ho avy izao izay hatao ety Ambohitrimanjaka amin'ny sivy ora maraina.

Nofaranana tamin'ny fihirana ny hira faneva sy vavaka ny fivoriana ka samy namonjy ny fodiany avy tamin'ny telo ora hariva.

Nampoina SPV Vahatra

Mba hanitarana ny fomba fijery ny hoavintsika

Henontsika ve? Eto ny fiainana!

Ny tompon'andraikitra jeneraly dia nanolotra ny fomba fijeriny momba ny lohahevitry ny taona nandritra ny fivoriana tamin'ny volana Aogositra 2017. Hitantsika eto ny hevi-dehibe nalaina tamin'izany. Andeha hojerentsika raha afaka mahita ny fiainan'ny tontolontsika isika, hitsara ny hetsi-panovàna apetraka mba hiaro ny fahamendrehan'ny rehetra sy ny tontolo iainantsika.

Renao ve? Andao hijanona kely isika eto am-panombohana ity maraina ity. Inona no zavatra henontsika? Ny feon'ireo vorona? Ny rivotra? Ny tabataba ao an-dohantsika? Ny ahiahintsika? Ny fahanginana farany ao amin'Andriamanitra? Ny fahanginana fohy? Izany no laharam-pahamehan'ny SPV amin'ity taona ity.

Tokony hiara-miasa isika mba hianatra ny fomba handrenesana ny fiainana manodidina antsika sy manerana izao tontolo izao. Isika dia olona mora voasariky ny haino aman-jery sy ireo fitaovana elektrônika isan-karazany. Tsy fantatsika intsony ny miaiana anaty fahangina mba hihainoana ny fiainana, ny fanamafisana ny natiora, ny vehivavy ary ny lehilahy sahy miatrika ny fiainana. Tsy fantatsika hoe, toy ny ahoana no nataon'i Jesosy matetika, mba hiatahantsika kely ahafahana mandray an-tanana ny fiainantsika manokana, hamela ny tenantsika ho vonton'ny hanitr'izao tontolo izao, mba hihaino ny bitsik'Andriamanitra. Ary mety ho an'ny sokajin-taona rehetra izany. Fanaontsika miaraka amin'ireo tanora ao amin'ny lasin'ny ho avy « camps de l'avenir » ny miaina anaty fahanginana isa-maraina mandritry ny "15 minitra". Aoka àry isika hihaino ny fiainana, izao tontolo izao, ireo rahavavy sy ireo rahalahintsika.

Manolotra karazana teny maneho hetsika tsotra telo izay fantatrareo rehetra aho. Izy ireo no ho fototry ny fomba fiainantsika sy ny asantsika amin'ity taona ity. Mijery. Mitsara. Miasa. Ekenao eto ny fomba fitsapana nataon'ireo namana katolika. Voafehin'izy ireo tsara ny fomba fampianarantsika ny fiainana ary miantso ireo vondrona misy antsika rehetra izany, na firy taona na firy, mba hieritreritra.

Mijery

Miaraka amin'ny ekipa sy ny vondrom-piarahamonina misy antsika, sahia mijery izao tontolo izao amin'izao endriny izao. Misy tontolo mihiaka. Misy izao tontolo izao miasa. Misy izao tontolo izao mihira. Aoka isika hifantoka amin 'ity tontolo izay nandefasana antsika ity. Inona no manentana ireo tanora amin'ny maha-isika antsika? Inona no mahatonga ny namantsika hihomehy sy hitomany? Inona no mampanahy ny olona manodidina antsika?

Eny, misy alahelo, ahiahy, fankahalana, tsy rariny. Rehefa manaraka ny vaovao mikasika ireo herinandro faramparany isika, dia mahita ny fitombon'ny tsy fifandeferana, ny fanavakavahana, ny tahotra ny fahasamiafana. Afaka mahita an'izao tontolo izao amin'ny endriny hafa ve isika? Aoka hipetraka eo anilan'ireo mahantra isika, ireo niharan'ny tsy rariny. Ahoana no ahitan'izy ireo an'izao tontolo izao? ny fiainany? ny ho aviny?

Mba hahatakarana izany, andeha halaintsika ohatra ny fidiran'ny mpifindra monina maromaro avy any Etazonia ankehitriny. Tsy misy zavatra izay tsy nolazaina momba ny fanalam-baraka, ny fandavana, ny tsy fahafantarana. Moa ve izany manambara ny fahatsaran'ny Evanjely? Taiza isika ry mpitondra ny hafatr'i Kristy mba hampatsiaro ny fahatsiarovantena kely indrindra? Matetika isika no mahatsapa fa efa tafahoatra manoloana izany rehetra izany. Tsy tokony hatao tsinontsinona izany. Mitondra mankany amin'ny fahamendrehana amin'ny maha olombelona izany. Ary mba

handrarahana menaka eo amin'ny afo amin'izao maraina izao. Raha tokony ho 5.000 ireo mpialokaloka any Haiti dia manana mpampianatra 5.000 avy amin'ireo oniversite amerikana lehibe isika, inona no lahateny ataontsika?

Tahaka izany matetika, eo anatrehan'ny tarehin-javatra toy izany, dia nijanona teo amin'ny nofinofy ny fomba fisainantsika. Vitsy ny olona sahy nanontany ny antony mahatonga an'io fifindra-monina goavana io, izay mitranga any Etazonia na any Haiti. Na izany aza, tokony ho fantatra ny fomba niaviany.

Nalaiko ity lalana lava ity mba hahafahantsika mianatra mijery an'izao tontolo izao amin'ny endriny hafa sy izay mitranga. Ny fiainan'ny olombelona matetika no lasibatra.

Andao hojerentsika amin'ny mason'i Kristy izao tontolo izao. Fantany ny fomba hikarakarana ny olona mba hitondra azy ireo hanana fahatokisana indray amin'ny fiainana sy ny tenany mba hiverenana hizotra eny amin'ny lalan'ny fahasambarana. Ny fikambanana SPV dia tokony ho toerana izay hifampihainoantsika, izay tiantsika handrerenesana ny hatsaran'ny fiainana, fa koa ny zavatra manapotika izany fiainana izany.

Antsoina ihany koa isika mba handeha lavitra kokoa hahita ireo olona rehetra ireo izay eo amin'ny lalan'ny fanantenana, mandray anjara amim-pahatsorana ho amin'ny tontolo samihafa, manaja kokoa ny soatoavin'ny fiainana, hanaja ny fahamendrehana sy ny fitiavana, famantarana lehibe an'Andriamanitra eo afovoan 'izao tontolo izao.

Andao hanome fotoana ny fahanginana ka avelao hijoro ny tenin'ny hafa sy ny Andriamanitsika. Aoka isika hanome fotoana mba hankasitrahana ny hatsaran 'ny fiainan'ny hafa sy miombona amin'ny tebitebiny, ny tahony, ny fahasahiranany. Mba hijerena, ilaina ny mahay maka fotoana, fotoana be dia be. Andeha isika hanao fihetsika azo tsapain-tanana. Ohatra, rehefa mandeha eny an-dalana isika, any amin'ny faritry ny sekoly na any an-toeran-kafa, moa ve isika mijery ny zava-mitranga? Miarahaba ny hafa ve isika? Rehefa misakafo isika, maika lava ve isika? Mbola mipetraka manoloana efijery ihany ve isika (televiziona, finday, takelaka ...)? Rehefa mitafa amin'ny olon-kafa isika, avelantsika hiteny ve izy sa sa tonga dia fantatsika mialoha ny valin'ilay olana izay mbola tsy nolazainy akory ? Sns

Mitsara, Mandanjalanja, mihevitra

Tsy sahy mampiasa ity matoanteny ity intsony isika amin'izao fotoana izao. Fa iza isika no tokony hitsara ny fiainan'ny hafa? Noho izany, iza moa isika? Tsy izany anefa no tiako horesahina aminareo androany maraina. Ny fitsaràna ny hafa dia tsy andraikitsika, izay tsy manakana antsika hanontany ireo fomba fisiana sy ny fanaovana izay tsy mifanaraka amin'ny maha-isika antsika ary amin'ireo soatoavina entintsika. Izany no tanjon'ny fanabeazana.

Eto isika dia te hiresaka momba ny fahafahantsika mijery tsara ny tontolo manodidina antsika ary afaka mitsara ny zavatra azontsika atao mba hiaina ao anatin'ny tontolo izay manaja ny soatoavina fototra, ny an'ny Evanjely, ny zo sy fahalalahan'ny vehivavy,

lehilahy ... ary mazava ho azy ny ankizy. Mba hanampiana antsika, dia mila manontany tena isika raha toa ka mifanentana amin'ny fiainantsika ny zava-misy. Andeha isika hanangana ny lisitry ny fiarovana, ny fepetra, ny soatoavina izay zava-dehibe amintsika ary manaja ny olombelona rehetra. Ohatra:

• Mampandroso ny fandriampahalemana sy ny firindrana eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika ve ity tetikasa ity ?

• Moa ve ny zavatra vitantsika dia mamela ny mpikambana ao amin'ny ekipa mba hampivelatra ny fizakantenany sy ny fahatsapany ny fandraisana andraikitra?

• Moa ve ny fomba fomba fanjifantsika miantoka ny fiarovana ireo harena voajanahary ao amin'ny tanintsika?

• Manaja ny fahasamihafan'ny kolontsaina, ny safidy amin'ny fiainana, ny fironana ara-pananahana, sns ve isika ?

• Moa ve ny zavatra ataontsika dia mitondra rariny kokoa sy fizarana loharanom-pahefana mba hamaliana ny filàn'ny tsirairay?

Ny mitsara eto dia midika hoe afaka mandinika ny manaiky sy ny mandà, mba hahitana izay tsara indrindra amin'ny toe-javatra. Mora faritana tsara sy ny ratsy, fa rehefa eo anelanelan'ny tsara indrindra sy ny tsara na ny tsara dia tsara, dia zavatra hafa. Eto isika dia mila ny fiaraha-monina, ny ekipa. Aoka koa isika hanampy ny tenantsika amin'ny Evanjely izay manondro ny lalana aleha: ny hafalian'ireo manana fahasambarana tanteraka ananan’ny voafidin’Andriamanitra, ny fifankatiavan’ny tsirairay, ny "izay nataonareo tamin'ny kely indrindra tamin'ireo zanako", ny " mandehana, izaho koa dia tsy manameloka anao ", ny " jereo ireo lisy eny an-tsaha sy ireo voronkely, tsy manahy ny ampitso izy ireo " ... ary ireo andalan-tsoratra masina maro hafa izay ahazoantsika tombontsoam-pamonjena ho antsika anio ao anatin'ny toe-piainan'ny fiarahamonina izay mihazakazaka miroso hatrany tsy mety mojanona. Azo atao amin'ny zandriny indrindra koa ny mianatra mitsara. Andeha hojerentsika avy amin'ny ohatra tsotra. Raha manao izany ianao, inona no vokany? Nahoana ianao no tsy miresaka amin'ny namana intsony? Afaka tsy manao fandaniampoana ve ianao? Mamerina mampiasa ny kitapo, ny taratasinao, sns ... ve ianao? Azonao ny hevitro eto.

Miasa

Tonga eto ny tsy azo ihodivirana. Afaka mandinika ny hatsarana sy ny zava-mahatalanjon'ny tontolo misy antsika isika. Azontsika atao ihany koa ny mitsara izay mety na tsy mety. Saingy tsy maintsy miroso amin’ny asa ihany koa isika, fa amin'ny lafiny mety ho vitantsika sy izay azontsika atao. Tsy afaka manova ny zava-drehetra eto amin'izao tontolo izao isika, fa afaka manao zavatra betsaka kokoa noho izay heverintsika fa azontsika atao.

Voavakiko avokoa ireo hafatra fijoroana vavolombelona rehetra natao tamin’i Fr Léandre Dugal, c.s.v, tamin'ny fotoana nahalasanany tampoka. Ho faly be ianao hahita ny zava-drehetra vitany tamin'ny olona maro ary amin'ny zavatra kely eo

ampelatanana. Amin'ny alàlan'ny fihetsika nataony, ny fihainoany, ny fanontaniany, ny fahatsapany ny fiainana, ny fitiavany ny fiombonana - sy ny sisa – dia nahavita nametraka olona an-jatony izy hiasa eto sy any an-kafa. Tsy nivadika tamin'ny hafatra napetrany voalohany izy, na dia afaka nampifanaraka izany tamin'ny taranaka nifandimby aza ary nanova ny fiaraha-monina tsy tapaka. Niresaka sy niaina tamin'ny fiombonam-pitiavana izy, ny fandraisana ireo ankizy madiniky ny tany, fahatsapana mazava ny fahamarinana, fahavononana hiaro ny zo sy ny fahalalahana. Ary ny zava-drehetra ao anatintsika dia manasa antsika handinika sy hihira ny zavaboary, ny fiainana tanteraka ny fiainana, ny miaina ny fiombonana, ny mihira fa mahafinaritra ny fiainana (c'est beau la vie).

Ity dia ohatra tsara amin'ny dikan'ny hoe manao zavatra. Inona no tokony hataontsika mba hahatsapantsika ny tena fototry ny fiainana? Inona avy ireo tetikasa hotratrarintsika hanovana an'izao tontolo izao? Inona no hataontsika hanovana ny toe-tsaintsika, ny fomba fisainantsika? Izany dia mitranga amin'ny fihetsika kely isan'andro, toy ny tsy mandanilany rano, na amin'ny hetsika lehibe toy ny hita ataon'ny ekipa SPV sasany izay manolotra tetikasa lehibe: manokatra sekoly, fananganana fialam-boly, fandraharahana ho an'ny ankizy an-dalambe ...

Raha fintinina, andeha isika miaraka amin'izay misy antsika. Ho an'ireo ekipa sasany, ny mikambana tsotsotra dia fihetsika goavana manohitra ny fanilikilihana, ny fandavana, sns. Andao hamboarantsika io fitarafana hihaino ny fiainana io mba hanatsarana kokoa ny fahazavana mamirapiratra.

Henontsika ve? Hitantsika ve? Manandrana ve isika? Mahatsiaro ve isika? Mahatsapa ve isika? Mitaraina izao tontolo izao! Miasa izao tontolo izao! Mihira izao tontolo izao!

Jean-Marc St-Jacques, c.s.v.

Tompon'andraikitra jeneraly

Ny fitarainan'ny mahantra dia mahatratra antsika tsaratsara kokoa hatrany ary miantso antsika amin'ity fiovam-po ity ho amin'ny evanjely izay natokan 'i Jesoa tamin'izy ireo. Tsy maintsy manaiky ny hihaino azy ireo isika mba hihaino azy ireo tsara kokoa ao am-pon'ny fiainana satria ao anatin'izy ireo dia mbola eo ihany ny soatoavin'ny fahamarinana, ny fahamarinana ary ny fahafahana. Ny Fanjakan'Andriamanitra dia tanteraka amin'ny alalan'ny fitenintsika sy ireo fihetsika momba ny fanovàna. Amin'ny alalan'ny fanatanterahantsika ny feony sy ny fanantenany, dia mampiharihary an'ity "ENY" avy amin'ny olona nitsangana tamin'ny maty ho an'ny fiainana, amin'ny fiombonana, ny fizarana marina ary ny ho avy (Matio 25: 41-46).

Amin'ny maha-fiaraha-monina mijoro sy velona antsika dia mbola manantena isika fa hahita amin'ny finoana sy fanantenana ao amin'ity filazantsaran'i Kristy nomena an'ireo madinika -ho an'ireo tsy ampy fitiavana - ho an'ny mahantra – « ity fanasana vaovao ity dia manome porofo tokana amin'ny fijoroantsika ho vavolombelona amin'ny fahamendrehan'ny olombelona, noharian'Andriamanitra, voavonjy amin'ny alalan'i Kristy, nohamasinin'ny Fanahy, ary voaantso ny hiaina eto amin'ity

izao tontolo izao ity ny fiainana miaina mifanaraka amin'izay fahamendrehana izay » ireo vehivavy sy lehilahy mijoro hanatsarana ny fanjakan'ny Ray. (Joany Paoly II, Sollicitudo Rei Socialis No. 47). "

Leandre Dugal, c.s.v., Khaoua, vol. 22, no. mai 1989

RAPPORT AU 30 SEPTEMBRE 2017
ANNEE 2016-2017

1€= 3300

RECETTES		ARIARY	EURO
Solde au 31 septembre 2016		1,866,036.00	565.47
Solidarité SPV (Canada) 2016/1000 USD		3,200,000.00	969.70
Participation des membres			-
Patrimoine (bienfaiteur avec SPV SORRISO Italie)		13,200,000.00	4,000.00
Bienfaiteur		430,000.00	130.30
TOTAL RECETTES		18,696,036.00	5,665.47

DEPENSES		ARIARY	EURO
SERVICES GENERALES D'ANIMATION			
Frais de deplacement-Visite des Equipes		1,348,800.00	408.73
Fourniture de bureau		111,100.00	33.67
Communication-Crédit-Internet		107,300.00	32.52
Cotisation sociale		113,000.00	34.24
Impression, photocopie,…		14,000.00	4.24
Traduction Programme et Guide d'animation 2016-2017		50,000.00	15.15
Comestible-Repas/Réunion		176,300.00	53.42
Remboursement Fonctionnement de l'année précédente		100,000.00	30.30
Sous-total		2,020,500.00	612.27
PATRIMOINE/Immobilisation matériel			
Micros (12 micro de conférence FBT CS-1CU, 1 micro SHURE SM58)		13,200,000.00	4,000.00
Imprimante TOSHIBA e-STUDIO 222CS + Cable d'alimentation			
2 Toner Cartridge TOSHIBA T-FC26SK7K			
5 Unités centrales (1 UC HP, 4 UC ACER)			
5 Souris			
5 Claviers			
2 Cables d'alimentation			
2 cables Eternet			
Télephone i-phone			

2 Marmite cocotte 60		260,000.00	78.79
Sous-total		13,460,000.00	4,078.79
CAMPS de l'AVENIR			
Non-consommables		66,600.00	20.18
Consommables		28,900.00	8.76
Sous-total		95,500.00	28.94
SOLIDARITE SPV			
Centre Léondre qDugal		1,066,666.67	323.23
SPV Tsiriry		100,000.00	30.30
Sous-total		1,166,666.67	353.54
TOTAL DEPENSES		16,742,666.67	5,073.54

SOLDES		1,953,369.33	591.93

Report à Nouveau

Solde au 31 Septembre 2017	Caisse SPV 1 (40 000Ar+587$)	1,737,906.33	526.64
	Caisse SPV 2	215,463.00	65.29
Subvention- Solidarité SPV-1 000 €		3,560,000.00	1,000.00
TOTAL Disponible pour 2017-2018		5,513,369.33	1,591.93

PREVISION BUDGETAIRE

1-Okt-17
30-Sep-18

ANNEE 2017-2018

RECETTES (ARIARY)

Reste Solidarité-2016			1,697,906.00
Reserve			255,463.00
Solidarité SPV-Canada 2017	1,000.00 €		3,560,000.00
Participation des Membres			450,000.00
Participation directe des membres pour le camps de l'Avenir			3,000,000.00
TOTAL RECETTES			**8,963,369.00**

DEPENSES (ARIARY)

ADMINISTRATION/ BUREAU			1,000,000.00

Déplacement en ville / Bus, Taxi,			
Frais de Voyages - Visites des Equipes			
Voyage des personnes ressources			
Achat de carburant			
Dépenses divers des membres du bureau			
Sakafo an-dalana			
COMMUNICATION			100,000.00
Téléphone			
Poste et Expéditions			
Credit Téléphonique			
Internet - Cyber café			
SERVICE GENERALE D'ANIMATION			200,000.00
Assembée générale			
Soutien pour une équipe			
Celebration - Activité			
Animation spirituelle			
Formation			
Imprimés et Publications - Photocopie			
Poste et Expéditions			
Archives			
Service photocopie			
Fourniture de bureau / Rame			
SOLIDARITE au sein du SPV			1,500,000.00
Etudes et descente sur terrain			
Projets à long terme			
CHARGES FINANCIERES			30,000.00
Charge bancaire BFV Tana			
Charge Bancaire BFV Antsirabe			

LASY (Camps de l'avenir)

AUMONERIE			50,000.00
Sacristie - Hostie - Vin - ..			
Décoration -			
NOURRITURES et BUANDERIES			1,700,000.00
Nouritures et divers			
Matériels non commestibles -			
JIRO-RANO-CHARBON-KITAY			
Produit d'entretien et de nettoyage			
Entretien et réparations du Batiment			
Entretien Proprieté -			
Achat Materiels - Equipement LASY			
VOYAGES - LASY (Camps de l'avenir)			2,000,000.00

Voyage des Intervenants			
Voyages des campeurs			
Voyage extra-Urbain			
TOTAL DEPENSE			**6,580,000.00**
SOLDES			2,383,369.00

Reserve		1,953,369.00
Reliquat		430,000.00

PREVISION BDGETAIRE A.G 2017-2018

N°	DESIGNATION	U	QUANTITE	PRIX UNITAIRE	MONTANT/Ar
1	Sakafo sy mpahandro	pers	34	15,000	510,000
2	Mpanasa lamba	fft	1	25,000	25,000
3	Frais de déplacement				
3.1	SPV. Renala	pers	2	70,000	140,000
3.2	SPV. Tsiriry	pers	3	8,000	24,000
3.3	SPV.Meva	pers	1	16,000	16,000
3.4	Autre transport	fft	1	40,000	40,000
4	Communication	fft	1	10,000	10,000
5	Aumonerie	fft	1	20,000	20,000
6	consommable informatique	fft	1	20,000	20,000
			TOTAL en Ariary		**805,000**

INVENTAIRE DES PATRIMOINES

Description	Marque	Quantité	Etat	Localisation
Lovia fotsy		98		Andranomanelatra
Lovia	INOX	40		Andranomanelatra
Lovia	DURALEX	20		Andranomanelatra
Sotrobe vary		20		Andranomanelatra
Sotrobe soupe		8		Andranomanelatra
Sotrobe laoka		2		Andranomanelatra
Fourchette		100		Andranomanelatra
Cuilliere		100		Andranomanelatra
Couteau de table	INOX	26		Andranomanelatra
Petit couteau blanc		34		Andranomanelatra
Kaopy plastique		98		Andranomanelatra

Plat dessert		3		Andranomanelatra
Bidon 5l fotsy		2		Andranomanelatra
Nappe de table		6		Andranomanelatra
Famafana vilia		6		Andranomanelatra
Micro de conférence	FBT CS-1CU	12		Ambohitrimanjaka
Micro de conférence	SHURE SM58	1		Ambohitrimanjaka
Modem Orange	Hiawei Wifi Mobile E5220	1		Ambohitrimanjaka
Appareil photo avec objectif 18-55 mm	Canon EOS 700D	1		Ambohitrimanjaka
Ordinateur	HP Beatsaudio	1		Ambohitrimanjaka
Unités centrales	1 UC HP, 4 UC ACER	5		Ambohitrimanjaka
Souris		5		Ambohitrimanjaka
Claviers		5		Ambohitrimanjaka
Cables d'alimentation		2		Ambohitrimanjaka
cables Eternet		2		Ambohitrimanjaka
Télephone	i-phone	1		Morondava
Cartouche d'encre	Toner Cartridge TOSHIBA T-FC26SK7K	2		Ambohitrimanjaka
Télephone	Samsung Galaxy J1	1		Ambohitrimanjaka
Bodofotsy		4		Ambohitrimanjaka
Vilany cocotte 60		2		Ambatolampy
Cuvette		4		Ambohitrimanjaka
Seaux		6		Ambohitrimanjaka
Gobelets		6		Ambohitrimanjaka

Service de Préparation à la Vie (SPV)

77e Assemblée générale

Calendrier des activités

Août

25-27 Assemblée générale et session de formation

Septembre

13 comité des Publications

29 1er *Bulletin* et 1er *Khaoua*

- Inscription des équipes, présentation des programmes SPV
- Formation des équipes
- Animation régionale sur le thème de l'année

Octobre

- Lancement de la souscription
- Lancement de la démarche de la demande de reconnaissance

Novembre

22 Rencontre de l'Exécutif général

30 2e *Bulletin* et 2e *Khaoua*

- Réception des demandes de reconnaissance

Décembre

6 Comité des publications

15 1er *Bulletin des Camps de l'Avenir*

- Projet Avent-Noël – Noël des pauvres – courriel de réflexion

Janvier

Vente des billets de la souscription qui restent

19 54e anniversaire de la fondation du SPV

20-21 78e Assemblée générale; session de travail sur les programmes

21 Assemblée générale des Camps de l'Avenir (Lac Ouimet)

26 2e Bulletin des Camps de l'Avenir

31 Comité des publications

Février

9 3e *Bulletin* et 3e *Khaoua*

10 Session des leaders, présidentes et présidents

14 Mercredi des Cendres

18 Tirage de la souscription

Mars

- Semaines de la Solidarité SPV
- Campagne des Cent Associés
- Projet Pâques – courriel de réflexion

Avril

1er Fête de Pâques

6 4e *Bulletin* et 4e *Khaoua*

- Semaines de la Solidarité SPV
- Visites d'équipes, de régions, de projets régionaux (mars-avril-mai)

Mai

9 Exécutif général

11 3e Bulletin des Camps de l'Avenir

- Aide à l'ouverture des Camps de l'Avenir (à compter du 12 mai)

Juin

8 5e Bulletin et invitation à la session du mois d'août

Juillet

- Camps de l'Avenir

Août

24-26 79e Assemblée générale